# Ahoana no Hanoherana Fakam-panahy?

## JOSEFA—FIZARANA 1

**Toromarika:** Tsara raha amin'ny toerana mangina ianao no mamaky ny andinin-teny eto ambany. Alao sary an-tsaina ilay tantara. Ataovy toy ny hoe teo mihitsy ianao, ka renao ny feo manodidina sy ny olona miteny, ary tsapanao ny fihetseham-pon'ireo olona asongadina ao.

**Mpandray anjara:** Josefa sy ny vadin'i Potifara

**Famintinana:** Nahatohitra fakam-panahy i Josefa ka tsy nanaiky hanao firaisana tamin'ny vadin'i Potifara.

❶ ***ALAO SARY AN-TSAINA ILAY TANTARA.—VAKIO NY GENESISY 39:1-12.***

Alao sary an-tsaina hoe hoatran'ny ahoana ny hangezan'ny tranon'i Potifara.

_____

Araka ny hevitrao, hoatran'ny ahoana ny bika sy ny tarehin'i Josefa? (Vakio indray ny andininy 6.)_____

_____

Araka ny hevitrao, hoatran'ny ahoana ny fihetseham-pon'i Josefa rehefa niresaka tamin'ny vadin'i Potifara izy, eo amin'ny andininy 8 sy 9?_____

_____

❷ ***FAKAFAKAO ILAY TANTARA.***

Nahoana i Josefa no mety ho nalaim-panahy haloto fitondran-tena? (Vakio ny Filipianina 2:12, ary eritrereto ny zava-nitranga tamin'i Josefa. Taiza, ohatra, ny fianakavian'i Josefa sy ny mpiara-mivavaka taminy tamin'izany?)_____

_____

_____

Araka ny hevitrao, nahoana i Josefa no nahatsapa fa fahotana eo anatrehan' Andriamanitra ny fanitsakitsaham-bady, nefa tamin'izany mbola tsy nisy lalàn' Andriamanitra nandrara an'izany? (Vakio sy saintsaino ireto andinin-teny ireto: Genesisy 2:24; 12:17, 18; Romanina 2:14, 15; Hebreo 5:14.)_____

_____

_____

❸ ***AMPIHARO IZAY NIANARANAO. SORATY ETO IZAY NIANARANAO MOMBA NY...***

Fifandraisan'ny hoe mifehy tena sy manaja tena.

Soa azon'ireo manaraka foana ny fitsipik'Andriamanitra momba ny fitondran-tena.

Antony hanazarana ny "fahaiza-misaina." (Hebreo 5:14)

***FAMPIHARANA HAFA.***

Rahoviana koa ianao no tokony ho hentitra kokoa mba hanoherana fakam-panahy hanao firaisana? (Vakio sy saintsaino ny Joba 31:1; Salamo 119:37; Efesianina 5:3, 4.)

❹ ***INONA NO HITANAO HOE TENA MAHASOA ANAO AMIN'IO TANTARA IO? NAHOANA?***



www.jw.org © 2011 Watch Tower Bible and Tract Society of Pennsylvania